Ministra Lalatiana 3

Mampisara-bazana ny artista hoy ny sendikà

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana 2

Hetsika manao akanjo maity rahampitso any Toamasina

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Fanomezana 4 5

Kalendrie 2023

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 24 janoary 2023 Laharana 1393 Vidiny : 600 Ar

Filoha Ravalomanana 2

Sahy ary manana toe-tsain'ny mpandresy ny Tanora TIM

Filoha Ravalomanana 2

Nanome voninahitra ny fiangonana katolika teny Ambohipo

Andrimaso FFKM 3

Hanara-maso ny fifidianana hatao eto amintsika

Antoko Arema teny Tanjombato 2

Nanentana sy niara-nidinika tamin'ny mponina sy ny tanora

Andilanatoby Ambatondrazaka 6

Fiaramanidina nidaraboka, namoy ny ainy ny mpanamory

Taonan'ny Bitro 7

Mankalaza ny taom-baovao sinoa koa ny eto Madagasikara

Daka kely

Mitsakotsako ny toritenin'i Pasitera angaha ialahy ry Boaikely no toa tsy re intsony a !

FILOHA RAVALOMANANA

Nanome voninahitra ny fiangonana katolika teny Ambohipo

Nanome voninahitra ny fiangonana katolika teny Ambohipo ny alahady maraina teo, ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM. Ny alahady 22 Janoary 2023 teo dia nisy ny lamesa lehibe fankalazana ny fetin'ny Fianakaviana Masina, mpiaro ny Seminera Zandriny Ambohipo, sy fankalazana ny Alahadin'ny Tenin'Andriamanitra, ho an'ny EKAR: Eglizy Katolika Apôstôlika Rômana. Nitarika ny lamesa tamin'izany ny Arsevekan'ny Arsidiôsezin'Antananarivo, Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona. Ny Seminera Zandriny dia toerana fanofanana tanora ho Pretra ho an'ny Eglizy Katolika eto Madagasikara, tanora avy amin'ny lafy valon'ny Nosy no miofana ao.

Isambilo

Ny filoha Marc Ravalomanana, sy Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona, teny Ambohipo ny alahady teo.

Filoha Ravalomanana

Sahy ary manana toe-tsain'ny mpandresy ny Tanora TIM

Nomena Fiofanana Tselatra momba ny politika, sy ny fahaiza-mitarika ary ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny, teny Bel'Air Ampandrana ny sabotsy teo ireo tanoran'ny antoko Tiako i Madagasikara, na Tanora TIM amin'ny faritra Analamanga. Nahatonga solontena tamin'izany avokoa ireo tanora avy amin'ny Boriboritany 6 eto an-drenivohitra, sy ny distrika manodidina: toy ny avy any Manjakandriana, Ambohidratrimo, Antananarivo Atsimondrano sy Avaradrano. Nitarika ny fotoana sy ny fiofanana ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana, ny depioten'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry sy Olivier Randrianarisoa. Niatrika ny fotoana ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotoni-

Ny filoha Marc Ravalomanana ny sabotsy teo, tetsy Bel'Air.

rina, ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko, notarihan'ny filohan' ny vondrona parlemantera Tiako I Madagasikara, ny depiote avy ao amin'ny Boriboritany faha-5, Fetra Ralambozafimbololona,… Nambaran' ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany fa tsy maintsy manao politika vao hisy ny fampandrosoana, hanatanterahana ny vina. Novelabelariny nandritra io fotoana io koa ny Tanora Tiako i Madagasikara miatrika fifidianana. Minoa fa misy ny ho avy mamiratra. Sahia ary manàna ny toe-tsain' ny mpandresy. Mijoro ho fanavotam-pirenena. Mandraisa andraikitra, hoy i Dada.

Ny depiote Todisoa Andriamampandry dia nanambara fa ny antoko politika dia manabe arapolitika ny tanora ao aminy.

Fampandraisana anjara ny rehetra, indrindra amin'ny raharaha eto amin'ny firenena. Serasera no tena ilaina ao anatin'izany, fantarina ny mpampita, fantarina izay olona ampitaina, voaray ve ny hafatra tiana hampitaina , na fanofanana, ny fitaovana ampitàna azy. Ilaina ny mampita ny hafatra TFM: teny fohy sy mazava. Amin'izay no ahitana raha misy vokatra ka tafita ny hafatra. Nitondra ny loha-hevitra momba ny fahaiza-mitarika kosa i Olivier Randrianarisoa. Mbola nanamafy kosa ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, fa sahia manao politika, tamin'ireo tanora vory maro tokoa tetsy Bel'Air, ny sabotsy teo io, na nanorana aza ny andro.

Isambilo

Antoko Arema teny Tanjombato

Nanentana sy niara-nidinika tamin'ny mponina sy ny tanora

Nanatanteraka fanentanana sy dinika niaraka tamin'ireo mponina, sy ny tanora teny amin'ny kaominina Tanjombato Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo, ny Antoko Arema, izay notarihin'ny sekretera nasionaly Ramatoa Anick Ratsiraka , notronin'ireo mpiara-dia aminy . Nandritra izany no nihainoana ny fitarainan'ireo tanora. Nisongadina ny tsy fananan'izy ireo asa ivelomana na dia isan'ireo kaominina ahitana orinasa afak'haba maro indrindra aza ity kaominina Tanjombato ity. Nambaran'ireo tanora, fa manjaka ny risoriso amin'ny fampidirana mpianatra eny amin'izao fotoana izao. Na dia mandany andro mitady asa eny amin'ireo orinasa aza izy ireodia tsy ho tafiditra mihitsy raha tsy mandoa vola 100.000 Ar amin'ireo tomponandraikitra ao. Mampalahelo ny zava-misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao, na dia ezaka nataon'ny fitondrana Ratsiraka tamin'ny fotoan'androny aza ny fananganana orinasa, indrindra ny afak'haba hanomezana asa ireo tanora. Vahaolana natolotry ny antoko ny hanomezana fiofanana ireo tanora ahafahany manangana fihariana ho azy manokana, ka ny antoko Arema no anome ny mpampiofana. Ho avondrona arak'izany ireo tanoran'i Tanjombato ireo ahafantarana izay fiofanana tiany ho rantovina. Ho an'ny fandaharam-potoanan'ny antoko Arema indray dia azo lazaina ho feno tanteraka izany amin'ity 3 volana voalohan'ny taona 2023 ity . Nanombohana ny fidinana eny ifotony, ity natao teny amin'ny kaominina Tanjombato ity, fa ho

Ireo mpitarika ny antoko Arema teny Tanjombato.

atao tsy ho ela ny an'ireo boriboritany eto Antananativo renivohitra, ka ny faha-4 no hisantatra azy ary hitohy any amin'ny boriboritany voalohany. Hanaraka azy ao ny fambolen-kazo eny amin'ny kaominina Tsiafahy ny 4 febroary . Mitohy amin'ny fankalazana ny androan'ny vehivavy izany ny 8 martsa, ary ho tanterahana amin'ity taona ity ihany koa ny fankalazana ny faha-47 taonan'ny antoko ny faha-19 marta izay ho atao eny Antanikatsaka Itaosy .

Niaina

NY TENY FIAINANA

Ary homeko fo te hahalala ahy izy ireo mba hahafantarany hoe izaho no Jehovah. Dia ho lasa vahoakako izy ireo ary izaho ho Andriamaniny, satria hiverina amiko amin'ny fony manontolo izy ireo.

Jeremia 24:7

Ny Valosoa sy fakafaka

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana

Hetsika manao akanjo maity rahampitso any Toamasina

Efa mihàtra amin'ny taolana sy mampiteny ny moana mihitsy ny tsy fandriampahalemana any Toamasina faritra Atsinanana. Ary tsy any ihany, fa saika manerana ny Nosy mihitsy no ahitana izay tsy fandriampahalemana izay, tsy ambanivohitra, tsy andrenivohitra fa dia mikaikaika avokoa ny rehetra, noho ny asan-dahalo, sy ny asan-jiolahy amin'ny endriny samy hafa. Tsy vitan'ny mandroba sy mangalatra fotsiny ireo olon-dratsy, fa tena mamono ihany koa, ka mahatsiaro ho valala voatango ny maro ankehitriny, toa tsy misy ianteherana, fa manana fiadiana, sy mihantsy ny mpitandro filaminana mihitsy ireo jiolahy ankehitriny. Ho fanoherana izay tsy fandriampahalemana izay, hanao dingana voalohany amin'ny hetsika ady amin'ny tsy fandriampahalemana ny any Toamasina. Ny alarobia 25 Janoary tontolo andro, izany hoe rahampitso, samy hanao lamba mainty ho mariky ny fiombonam-po amin'ireo mpiray tanàna aminy namoy ny ainy vokatry ny tsy fandriampahalemana, sady ho mariky ny ady atao amin'ny tsy fandriampahalemana ary koa mariky ny tsy fenekena ny "intervention" amin'ny endriny rehetra dia hisy ny hetsika manao akanjo maity, na lamba maity rahampitso io, any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Voalaza fa ny intervention, na ny fisian'ny resaka tsindry, no anisan'ny mampahazo vahana izay tsy filaminana izay any an-toerana.

Ho an'ny mpanao facebook araka ny toromarika omen'ny tompon'andraikitra, tokony hamoaka ny sariny manao lamba mainty izy ireo ny andron'ny Alarobia 25 Janoary io (tontolo andro).

Izany hoe tsy misy famoriana olona amin'io Alarobia 25 Janoary io, fa ilay fisalorana lamba mainty no hetsika iraisana, hisantarana ny hetsika sy tolona ho an'ny filaminana ao Toamasina.

Rehefa lamba mainty hoy ireo mpikarakara dia mety avokoa. Tsy anavahana na zaza na olo maventy na viavy na lehilahy, ndao samy hanao lamba mainty. Raha tena hisy tokoa ny firaisankina amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana izay, tokony ho rakotra mpanao lamba maity ny renivohitra ara-toekaren'i Madagasikara. Arahantsika eo ny ho tohin'izany, sy ny akony amin'ny ho fandraisan'andraikitry ny tompon'andraikitra amin'izay resaka filaminana sy fandriampahalemana izay any an-toerana.

Niaina

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fenotiana R.

Ny Valosoa sy hadihady

Fiainam-pirenena

Miha-lalina hatrany ny fahantran'ny vahoaka Malagasy

Miha-lalina hatrany ny fahantran'ny vahoaka Malagasy maro an'isa ankehitriny, vizana sy reraka toa tsy mahita izay ianteherany intsony, fa very fanahy mbola velona. Toa tsy misy fanjakàna izany eto, satria raha nisy izany dia tsy toy izao ny fahantrana mahazo ny tokantrano Malagasy. Midangana izay tsy izy ny vidim-piainana ; tsy misy fijerena ny sosialim-bahoaka, maty raha sendra tsy manambola any amin'ny hopitalim-panjakàna, satria hatramin'ny bitika indrindra dia asaina vidian'ireo marary mila fitsaboana ao avokoa. Efa niainana nandritra ny 4 taona nitondràn'i Andry Rajoelina hatramin'ny 19 janoary lasa teo izany. Resaka fampandriana adrisa fotsiny ny propagandy natao izay nitondràna ny velirano 13 teo anatrehan'ny vahoaka Malagasy, nefa tsy nisy tanteraka fa nosafosafoina fotsiny dia hoe miasa manatanteraka ny fampanantenana natao ny mpitondra fanjakàna. Ohatra amin'izany, potika tsy misy raisina ny lalana eto Madagasikara rehetra, satria tsy mba nisy ny fikojakojana. Ny vola natao hikojakojàna ny lalana toa tsy hita izay nanjavonany. Avy eo rehefa manambana hanao grevy ny mpitatitra vao mody milaza ny minisitra tompon'andraikitra fa amboarina ny lalana. Ireo orinasa mpanamboatra lalana moa dia tsy sasatry ny mitaky ny volany efa an-taonany tsy aloan'ny fanjakàna amin'ny alalan'ny minisiteran'ny asa vaventy. Noho ny tsy fahatokisana ny fitondrana izay koa, tsy nisy namaly ny tolo-bidy ho amin'ny fanamboarana ny lalampirenena faharoa. Izany no mahatonga ireo orin'asa matahotra tsy sahy mamaly ny tolobidy, koa ny ny teo aloha aza tsy voaloa ny volany. Manaraka izany, tsy voaloa ny vatsim-pianaran'ny mpianatra dia migrevy ny ankizy, misy mpamono afo indray atsy ambadika miteny hoe : aleo fa aloa ny vatsim-pianaranareo dia mangina kely indray aloha ireo mpianatra. Toy izany hatrany no fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina amin'ny ankapobeny. Ankoatr'izay, tamin'ny taona 2018 nandritra ny fampielezankevitra dia nilaza i Andry Rajoelina kandida tamin'izany mikasika ny vidimbary izay 600 ariary ny kapoaka. Lafo be izany vary izany hoy izy fa ampidinintsika. Ankehitriny anefa, 930 ariary mahery ny vidimbary amin'izao fotoana hitondràny izao. Izay ilay fampanantenana poak'aty. Taonan'ny fifidianana amin'ity taona 2023 ity, ampy angamba izay ny andrakandrana sy ny lainga marivo tototra atao amin'ny vahoaka Malagasy. Maro ny fikambanana fiarahamonim-pirenena no efa manentana, mba tsy ho taitaitra amin'ny fanomezana kely izay tsy mahavita taona. Aleo mba hijery amin'izay, fa tsy ho taitra ny kobaka ambava izay hita fa tsy ho tanteraka akory. Efa latsaka lalina loatra ny firenena, ka aleo jerena tsara izay asiana ny tongotra. Hatramin'ireo niaraka tamin'ity fitondràna ity anie izao no efa menatra tsy sahy miseho masoandro maneho hevitra, satria be tongotra loatra ilay soavaly arovana.

Helisoa

Andrimaso FFKM

Hanara-maso ny fifidianana hatao eto amintsika

Nilaza ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM), fa handray anjara feno amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana ho avy izy ireo, amin'ny alalan'ireo andrimasony, na ny Andrimaso FFKM, fa tsy hipetra-potsiny.

Nanentana ny olom-pirenena rehetra hanamarina ny anarany any anaty lisi-pifidianana, sy handray anjara amin'ny fifidianana ihany koa ny filoha hitantana ny FFKM amin'ity taona ity, ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, ny alahady tolakandro teo, nandritra ny fotoam-pivavahana fifamindram-pahefana teo amin'ny filoha teo aloha, ny Rév. Ranarivelo Samuel Jaona, sy ny filoha ankehitriny, ny mpitandrina, Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, izay hitarika ny FFKM amin'ity taona 2023, hitarika ny FFPM ihany koa izy ary mitarika ny FJKM rahateo. Ny filohan'ny FFKM ihany koa matetika mandritra ny toriteny izay ataony dia manentana ny mpino hanao politika: "Sahia manao politika", hoy izy. Tsy ratsy ny politika, fa ny fomba fanaovana azy: amin'ny lainga sy ny fitapitaka ary ny fampanantenana poakaty toy ny ataon'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana, no toa manaratsy endrika azy. Na izany na tsy izany, liana amin'ny resaka politika ny olom-pirenena ankehitriny, hita izany amin'ny fanehoan-kevitra samihafa: an-gazety, amin'ny tambazotran-tserasera, na ny eny amin'ny fiarahamonina eny ihany koa,…

Nanome voninahitra izany fifamindram-pahefana izany ihany koa ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM sy ny RMDM.

Stefa

Ny fifamindram-pahefana teo anivon'ny FFKM, ny alahady tolakandro lasa teo.

Ministra Lalatiana

Mampisara-bazana ny artista hoy ny sendikà

Nampaka-peo ireo artista mivondrona ao amin'ny sendikan'izy ireo ny faran'ny herinandro teo ary mbola nitohy omaly, fa mampiady ny samy artista ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina Lalatiana Rakotondrazafy Andriantogarivo ary tsy mandoa ny volan'ny mpanakanto koa. Araka ny fanambaran'izy ireo, izay notaterin'ny depiote Rossy : "Ny SYKA sendikan'ny Kanto, miaraka amin'ny fikambanamben'ny syndicat eto Madagasikara, rehefa nahatsapa fa herintaona maninjitra tsy nandray vola ny membres ny Omda na ariary aza :

- mikorontana tsy misy mandeha amin'izay laoniny ny Omda nohon'ny tsindry na harcèlement ataon'ny ministra ireo mpiasa sy mpanatanteraka tavela ao. Ary tapitra nametra-pialàna sy mitaraina amin'ny anaovan'ny ministra sy ny ekipany azy.
- korontaniny avokoa na ny calendrier napetraka hatramin'izay, assemblée générale, tatitra, fifidianana, noravana tsy nisy fampandrenesana ny fivoriambe tokony ho natao tao amin'ny Espace Dera.
- dinganina tsy ampahalalana na inona na inona ny rafitra ara- dalàna conseil d'administration voafidy.

Ny solontenan'ny sendikan'ny artista, nanao fanambarana tamin'ny mpanao gazety.

- atao tampotampoka sady afangaro voraka amin'ny fanaovàna kifetifety ny fifidianana, izay mila fitoniana sy fiomanana, satria consensus hatrany ny fanaovàna fifidianana.
- ny mpikambana manana karatra ihany no tokony hivory sy hiatrika fifidianana, ny antso atao anefa dia fety anaty Palais des Sports, no hiantsoana izay milaza azy ho artista manao mozika Mafana rehetra ity.

Noho izany :

tsy mitombina tsy manankery, ary tsy ekenay ny fifidianana tampoka sy sadasada kasaina hatao ao amin'ny Palais des Sports anio talata ary vao mainka hanakorontana ny Omda

- takiana ny handoavan' ny ministera ny volan'ny mpikambana tsy noraisiny efa ho herintaona izao alohan'ny zava-drehetra
- takiana ny hanatsaharan'ny ministra sy ny ekipany ary ny comptes mpiaro azy eo amin ny réseaux sociaux ny harcèlements moraux atao ny mpiasan'ny Omda lazaina fa "ekipan'ny teo aloha".

Takiana ny hanatsaharany ny fampiadiana ny samy artistes sy ny fanalam-baraka amin ny affirmations Gratuites, fa mangalatra ny artistes zokiny sy niangarana, nanondinkodina milliards.

Farany tsy ekena ny fampiasàna ny ministera hanitarana ny ambaindain' ny antokon'ny ministra, ka hametrahany ny olony na hanereny ny mpiasa hiditra ao amin'ny antokony (freedomisation)."

Stefa

TONONKALO

Toriteny nampisafoaka ?

Anananao ny hery be, anananao ny fahefana,
Ka `zay toriteny ve dia hampisonga tosidra ?
Sa nahatsiaro fa voatsindrona ka tsy andry ny hiravana,
Hanatonana, hitarainana amin`Ingahy prezida?

Mahalasa saina ihany raha hoe olon`ny fiangonana
No manao tahaka ireny raha misy ny manjo.
Tsy aleo ve resaka mangina na mba hoe an-katakonana?
Sa tsy hay ny nampitony na mba hoe nanindry fo ?

Io tsy familiana fiara ka ampiakarana vitesy,
Fa avaho ny "rotoroto" sy ny ambara ho "hafainganana".
Raha mihaino toriteny, tsisy resy na mpandresy,
Fa ny tenin'Andriamanitra no hitondra fiadanana.

…Ka amboary re ny seza sy fehikibo fiarovana,
Dia meteza hanainga indray, ny hatezerana esory.
`Ndeha amboary koa ny fo tsy ho vetivety dia torovana,
Ary raiso ho fanitsiana izay lazain`ny mpitory.

DADAN`i ZINA (22-01-23)

2023

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety mischo intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

FIFANDRAISANA
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao
Adiresy:
lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00

Janoary

1	Alh	Taombaovao
2	Alt	
3	Tal	
4	Alr	
5	Alk	
6	Zom	
7	Asb	
8	Alh	
9	Alt	
10	Tal	
11	Alr	
12	Alk	
13	Zom	
14	Asb	
15	Alh	
16	Alt	
17	Tal	
18	Alr	
19	Alk	
20	Zom	
21	Asb	
22	Alh	
23	Alt	
24	Tal	
25	Alr	
26	Alk	
27	Zom	
28	Asb	
29	Alh	
30	Alt	
31	Tal	

Febroary

1	Alr	
2	Alk	
3	Zom	
4	Asb	
5	Alh	
6	Alt	
7	Tal	
8	Alr	
9	Alk	
10	Zom	
11	Asb	
12	Alh	
13	Alt	
14	Tal	
15	Alr	
16	Alk	
17	Zom	
18	Asb	
19	Alh	
20	Alt	
21	Tal	
22	Alr	
23	Alk	
24	Zom	
25	Asb	
26	Alh	
27	Alt	
28	Tal	

Marsa

1	Alr	
2	Alk	
3	Zom	
4	Asb	
5	Alh	
6	Alt	
7	Tal	
8	Alr	Andron'ny vehivavy
9	Alk	
10	Zom	
11	Asb	
12	Alh	
13	Alt	
14	Tal	
15	Alr	
16	Alk	
17	Zom	
18	Asb	
19	Alh	
20	Alt	
21	Tal	
22	Alr	
23	Alk	
24	Zom	
25	Asb	
26	Alh	
27	Alt	
28	Tal	
29	Alr	Fahatsiarovana 1947
30	Alk	
31	Zom	

Avrily

1	Asb	
2	Alh	
3	Alt	
4	Tal	
5	Alr	
6	Alk	
7	Zom	
8	Asb	
9	Alh	Paska
10	Alt	Alt. Paska
11	Tal	
12	Alr	
13	Alk	
14	Zom	
15	Asb	
16	Alh	
17	Alt	
18	Tal	
19	Alr	
20	Alk	
21	Zom	Id al Fitr
22	Asb	
23	Alh	
24	Alt	
25	Tal	
26	Alr	
27	Alk	
28	Zom	
29	Asb	
30	Alh	

Mey

1	Alt	Fetin'ny asa
2	Tal	
3	Alr	
4	Alk	
5	Zom	
6	Asb	
7	Alh	
8	Alt	
9	Tal	
10	Alr	
11	Alk	
12	Zom	
13	Asb	
14	Alh	
15	Alt	
16	Tal	
17	Alr	
18	Alk	Ascension
19	Zom	
20	Asb	
21	Alh	
22	Alt	
23	Tal	
24	Alr	
25	Alk	
26	Zom	
27	Asb	
28	Alh	Pentekôsta
29	Alt	Alt. Pentekôsta
30	Tal	
31	Alr	

Jona

1	Alk	
2	Zom	
3	Asb	
4	Alh	
5	Alt	
6	Tal	
7	Alr	
8	Alk	
9	Zom	
10	Asb	
11	Alh	
12	Alt	
13	Tal	
14	Alr	
15	Alk	
16	Zom	
17	Asb	
18	Alh	
19	Alt	
20	Tal	
21	Alr	
22	Alk	
23	Zom	
24	Asb	
25	Alh	
26	Alt	Fetim-pirenena
27	Tal	
28	Alr	Aïd- al-Adha
29	Alk	
30	Zom	

2023

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

FIFANDRAISANA
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto
twitter : @nyvalosoavaovao
Adiresy :
lot T 70 Ankadindratombo
Tel. 034 79 076 00

Jolay

1	Asb	
2	Alh	
3	Alt	
4	Tal	
5	Alr	
6	Alk	
7	Zom	
8	Asb	
9	Alh	
10	Alt	
11	Tal	
12	Alr	
13	Alk	
14	Zom	
15	Asb	
16	Alh	
17	Alt	
18	Tal	
19	Alr	
20	Alk	
21	Zom	
22	Asb	
23	Alh	
24	Alt	
25	Tal	
26	Alr	
27	Alk	
28	Zom	
29	Asb	
30	Alh	
31	Alt	

Aogositra

1	Tal	
2	Alr	
3	Alk	
4	Zom	
5	Asb	
6	Alh	
7	Alt	
8	Tal	
9	Alr	
10	Alk	
11	Zom	
12	Asb	
13	Alh	
14	Alt	
15	Tal	Assomption
16	Alr	
17	Alk	
18	Zom	
19	Asb	
20	Alh	
21	Alt	
22	Tal	
23	Alr	
24	Alk	
25	Zom	
26	Asb	
27	Alh	
28	Alt	
29	Tal	
30	Alr	
31	Alk	

Septambra

1	Zom	
2	Asb	
3	Alh	
4	Alt	
5	Tal	
6	Alr	
7	Alk	
8	Zom	
9	Asb	
10	Alh	
11	Alt	
12	Tal	
13	Alr	
14	Alk	
15	Zom	
16	Asb	
17	Alh	
18	Alt	
19	Tal	
20	Alr	
21	Alk	
22	Zom	
23	Asb	
24	Alh	
25	Alt	
26	Tal	
27	Alr	
28	Alk	
29	Zom	
30	Asb	

Oktobra

1	Alh	
2	Alt	
3	Tal	
4	Alr	
5	Alk	
6	Zom	
7	Asb	
8	Alh	
9	Alt	
10	Tal	
11	Alr	
12	Alk	
13	Zom	
14	Asb	
15	Alh	
16	Alt	
17	Tal	
18	Alr	
19	Alk	
20	Zom	
21	Asb	
22	Alh	
23	Alt	
24	Tal	
25	Alr	
26	Alk	
27	Zom	
28	Asb	
29	Alh	
30	Alt	
31	Tal	

Novambra

1	Alr	Fah. Olo-masina
2	Alk	
3	Zom	
4	Asb	
5	Alh	
6	Alt	
7	Tal	
8	Alr	
9	Alk	
10	Zom	
11	Asb	
12	Alh	
13	Alt	
14	Tal	
15	Alr	
16	Alk	
17	Zom	
18	Asb	
19	Alh	
20	Alt	
21	Tal	
22	Alr	
23	Alk	
24	Zom	
25	Asb	
26	Alh	
27	Alt	
28	Tal	
29	Alr	
30	Alk	

Desambra

1	Zom	
2	Asb	
3	Alh	
4	Alt	
5	Tal	
6	Alr	
7	Alk	
8	Zom	
9	Asb	
10	Alh	
11	Alt	
12	Tal	
13	Alr	
14	Alk	
15	Zom	
16	Asb	
17	Alh	
18	Alt	
19	Tal	
20	Alr	
21	Alk	
22	Zom	
23	Asb	
24	Alh	
25	Alt	Krismasy
26	Tal	
27	Alr	
28	Alk	
29	Zom	
30	Asb	
31	Alh	

« CHAN 2022, ALGÉRIE 2023 »

Ekipa 4 no efa tafita ofisialy amin'ny 1/4-dalana

Ekipa 4 ankehitriny no efa fantatra fa tafita ofisialy amin' ny digan'ny 1/4-dalana amin'ny fifaninana « Chan 2022, Algérie 2023 ». I Algérie sy Mozambique ao amin'ny vondrona A, no tafita ôfisialyvoalohany tamin'ny sabotsy 21 janoary 2023 teo rehefa avy niatrika ny andro farany tamin'ny fifanintsanam-bondrona, ka nahazoana ny vokatra : Algérie 1 – 0 Mozambique, Libye 3 – 1 Ethiopie. Nanaradia azy ireo i Sénégal sy Côte d'Ivoire izay nitana ny laharana voalohany sy laharana faharoa tao amin'ny vondrona B izay nahatapitra ihany koa ny

Chan Algérie 2023.

lalaom-bondrona nisy azy ireo tamin'ny alahady 22 janoary teo, ka nahazoana ny voka-dalao : Sénégal 3 – 0 Rdc, Côte d'Ivoire 3 – 1 Ouganda. Omaly alatsinainy 23 janoary dia ny tao amin'ny vondrona C misy ny Barea de Madagascar no niaka-tsehatra niatrika ny fifaninanam-bondrona andro fahatelo farany, ka nahitana ny fihaonana tokan'i Soudan sy Madagasikara tao amin'ny kianja « stade Miloud Hadefi (Oran) » raha efa nandresy tsy niady an'i Maroc kosa i Ghana. Anio talata 24 janoary 2023 dia mamarana ny fifaninanambondrona ry zareo tao amin'ny vondrona D sy vondrona E, ka ao amin'ny kianja « stade Miloud Hadefi (Oran) » hanomboka amin'ny 7 ora hariva malagasy : Mauritanie # Mali ary ao mbola ao amin'ny kianja « stade Miloud Hadefi (Oran) » hanomboka amin'ny 10 ora alina : Niger # Cameroun. Marihana fa amin'ny zoma 27 sy sabotsy 28 janoary 2023 izao no hanatanterahana an'ireo lalao ampahefa-dalana amin'ity fifaninanana ity.

Rainilita

« Andro ratsy Cheneso »

Namely mafy ny lalao baolina kitra tany Itasy

Namely mafy ny lalao baolina kitra tany Itasy ihany koa ilay andro ratsy Chenoso nandalo tany amin'ny tapany Avaratry ny nosy iny. Noho ny fijojon'ny orana tsy nety nijanona tamin'ny sabotsy sy alahady teo dia voatery nahemotra amin'ny alahady 29 janoary 2023 ho avy izao ireo lalao baolina kitra ""Championnat D 1 2022-2023 Ligue de Football Itasy", izay tokony ho notanterahina tamin'ny alahady 22 janoary lasa teo. Nambaran'ny "Ligue de Football Itasy" mpikarakara fa tsy hiova avokoa na ny toerana na ny ora efa voafaritra tany am-boalohany, fa hanatanterahana an'ireo lalao ireo. Any amin'ny kianja Analavory, Amin'ny 12ora

Ekipan'ny Foot Academy Fenoarivo Itasy.

: FCa Boucher # Fct Analavory (match retour) Amin'ny 02ora sy 15min : Mada City # Fitama (match retour) Any amin' ny Kianja Arivonimamo, Amin'ny 02ora : Fmb Brinx # Ojai (match retour) Any amin'ny Kianja Amboniatsimo Imerintsiatosika, Amin'ny 12ora : ASEFFEMA VS Grenade Fc Grenade Fc (match retour) Amin'ny 02ora sy 15min : Asca Foot VS Foot Academy (match aller).

Rainilita

"Handball Ihf Trophy Challenge Trophy Mondial 2023"

Nigeria sy Guinée no hiosolotena an'i Afrique amin'ny Mondial

Champion Ihf Trophy Continental 2023.

Nifarana tamin'ny 20 janoary 2023 tany Congo Brazzaville ny fifaninanana handball "Ihf Trophy Continental 2023" . Ny vokatra azo: Teo amin'ny sokajy «cadets » : - Equipe championne : Nigeria - Coupe Fair-play : Zambie Teo amin'ny sokajy «juniors » : - Équipe championne : Guinée - Coupe Fair-play : Madagascar. I Nigeria sy Guinée, araka izany, no hisolo tena an'i Afrika any amin'ny fifaninanana «Ihf Challenge Trophy Mondial 2023 » izay hatao amin'ny volana martsa ho avy izao any Costa Rica.

Rainilita

Tenisy olon-droa miaraka

Tompondakan'i Afrique Australe ny zatovovavy Malagasy U16

Mpilalao tenisy Malagasy tany Harare.

Tompondakan'i Afrique Autrale eo amin'ny olon-droa miaraka U 16 zatovovavy ny mpilalao tenisy Malagasy nahitana an'i Mirindra sy Mitia. Resin'izy ireo mora foana tamin'ny isa 2-0 ny ekipan'i Afrika Atsimo. Nandresy tamin'ny isa 6/1 6/1 i Mirindra, Nandresy tamin'ny isa 6/2 6/1 i Mitia. Resin'i Afrika Atsimo tamin'ny isa 1 noho 2 kosa ny U 14 zazalahy ka tompon-daka lefitra tamin'ity fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika Atsimo "Afrique Australe" ity. Mirija nandresy 6/4 6/0, Mahery resy 4/6 4/6. Mirija sy Mahery resy 4/6 2/6.

Rainilita

Andilanatoby Ambatondrazaka

Fiaramanidina nidaraboka, namoy ny ainy ny mpanamory

Nisehoana lozam-pifamoivoizana an'habakabaka omaly teto amintsika, fiaramanidina kely iray no nidaraboka tany Andilanatoby distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro. Fiaramanidina 5RAAR - PA28 an'ny kaompania Aéromarine io niharan-doza io, niainga avy aty Antananarivo nikasa ho any Mananara Avaratra faritra Analanjirofo, nianjera tao Andilanatoby Ambatondrazaka omaly maraina tokony ho tamin'ny 08 ora sy 45 minitra teo. Namoy ny ainy vokatry ny loza ny mpanamory ity fiaramanidina ity, mpanamory izay mbola erotrerony tokoa, satria vao 25 taona monja araka ny vaovao voaray. Mbola tsy fantatra mazava ny anton'ny loza. Eo am-panangonana ny fanampim-baovao ny tompon'andraikitra.

Stefa

Ilay fiaramanidina kely nidaraboka tany amin'ny faritra Alaotra Mangoro.

Vokatry ny rivodoza

Miakatra ihany koa ny rano tany Miandrivazo

Taorian'ny orana nikija nanomboka ny zoma lasa teo dia niakatra ny tanàna ny rano, ao Miandrivazo faritra Menabe ny alahady faha 22 janoary, ka nandray andraikitra ny OMC izay notarihin'ny lehiben'ny distrika, niezaka nanokatra lalan-drano, mba hivoahan'ny rano ary nitohy tamin'ny famoriana ireo herivelona rehetra sy ny tompon'andraikitra teo an-toerana, izay notarihin'ny lehiben'ny Distrika hatrany. Tapaka fa hanao asa tanamaro hanokafana ny lalandrano ary noraisina ny fepetra, fa tsy mianatra ny mpianatra, ka ny EPP centre no handraisana ireo traboina ary entanina ireo olona mba hiala ny faritra iva, satria hita fa tsy mazoto ny olona hiala ny fonenany nohon'ny tsy fahatomombanan'ny fandraisana azy ireo amin'ny toerana handraisana azy. Tsara ho marihina fa efa nisy ny tanamaro izay natao ny 30 Desambra lasa teo, izay notarihin'ny solombavambahoaka ary nitohy Himo ny 31 desambra izany. Ramatoa solombavambahoaka dia nanampy ireo mponina . Hatreto dia trano enina no rava ato amin'ny Distrikan'i Miandrivazo, tsy misy kosa ny aina nafoy, mbola tsy voafaritra kosa ny traboina . Isan'ny mahatonga ny rano miakatra ao an-tanànan'i Miandrivazo ny fahatsentsenan'ny lakandrano, manampy trotraka ihany koa ny fananganana foto-drafitrasa gaboraraka toa tsy misy fandraisana andraikitra ny eo anivon'ny kaominina ambonivohitr'i Miandrivazo, hany ka raha vao misy orana kely dia efa dobo rano ny manodidina ny Cnaps ao amin'ny fokotany Ampanasana.

Rainilita

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
21/01/2023 hatramin'ny 28/01/2023

- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1393-01-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TAONAN'NY BITRO

Mankalaza ny taom-baovao sinoa koa ny eto Madagasikara

Fety manan-danja eo amin' ny fiainan' ny besinimaro ny taom-baovao any Azia. Anisan'izany ny firenena Sinoa, izay mampiasa ny antsoina hoe « Calendrier Lunaire », ka ny « Fête du Printemps » na « Nouvel An Lunaire » no fiantsoana an' izany. Ity kalandrie ity dia manaraka ny tsinam - bolana voalohany izay mifanindry amin'ny fiovan' ny taona sy ny fety, izay no mahatonga ilay daty miovaova foana isan-taona. Ny amin' ity taona ity dia nanomboka ny 22 Janoary 2023 izy io hatramin' ny 09 Febroary 2024, izay antsoina hoe taonan' ny Bitro. Ny teto amintsika dia natomboka ny Sabotsy 21 Janoary 2023 lasa teo izany fankalazana taom-baovao sinoa izany, izay notontosaina teo anoloan' ny Lapan' ny tanana Analakely no nanamarihana azy nanomboka tamin' ny 09 ora maraina ka hatramin' ny 1 ora atoandro. Tonga nanotrona izany ny olomanan-kaja maro toa ny« Chargé d' affaires » ny masoivoho ny Shina eto

Fankalazana ny taom-baovao sinoa tetsy Analakely.

Madagasikara, ny mpitantana ny « Institut Confucius » eny amin'ny Université d' Antananarivo, mpandraraha sinoa sy mpikambana « Association de la Communauté Chinoise à Madagascar », sy olo-manakaja maro… « Fiarahana miaritory ary fandrehetana labozia sy afo mena hanoherana ny zavatra sy fanahy ratsy mety handripaka tokantrano iray, no ataon'ny fianakaviana sinoa eo am-piandrasana ny « Fête du Printemps ». Sakafo mafilotra sarotra karakaraina tsy fanao isanandro, toy ny paty lava be mariky ny fahalavan'ny andro iainana, no hiarahan' ny fianakaviana mihinana ny taom-baovao. Ary ny loko mena no marika fahombiazana hoan' ny kolontsaina sinoa » hoy i Sylvianna CHUE NOE mpampianatra ao amin' ny « Institut Confucius » eny amin' ny Université d' Antananarivo. Na dia nirotsaka tsy akijanona aza ny orana dia tsy nampihena ny fahavitrihana sy ny kalitaon'ny seho izay natolotr'ireo mpianatry ny « Institut Confucius » hoan' ireo olona maro tonga nanotrona izany fety be miavaka izany. Nifandimby tao ny hira, dihy, fitantarana angano, fisarihana sy fizarana loka samihafa ho an'ireo nitsikian'ny vintana, fampisehoana haiady ary ny « Danse du Lion », izay tena manamarika ny fankalazana ny kolontsaina sy ny taom-baovao sinoa.

Aly

Noravan'ny kaominina ny tsena

Mivarotra ambony fotaka ny mpivarotra any Vondrozo

Mivarotra eny ambony fotaka ny olona, fa noravain'ny kaominina ny tsena any amin'ny kaominina Vondrozo distrikan'i Vondrozo faritra Atsimo Atsinanana. Mitaraina ireo tantsaha mpivarotra amin'izao oran'andro izao, satria dia ao anaty loto sy fotaka tanteraka izy ireo no manatanteraka ny velon-tenany. Misy tsena izay natsangana ihany miala 1,500 km miala ny kaominina, fa sady lavitra no mangina tsy misy mpiantsena. Maro fotodrafitrasa simban'ny rivodoza Batsirai tamin''ny taondasa tsy misy mpijery koa ny any an-toerana. Toa tanàna haolo Vondrozo, ny antony dia ny tsy fijerena ny tena mahasoa ny mponina rehefa manangana zavatra.

Niaina

Tsena amin'ny fotaka any Vondrozo.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 420



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0419)

Mitsivalana
- Sempotra
- Ovao
- Rehareha
- Tarika (miv)
- Tatatra
- Rabe
- Adina – Mi (miv)

Mitsangana
- Soratra
- Eveka
- Mahitsy
- Poara
- Ratra
- Toetra
- Aby
- Atao
- EM

TENY MIFANAPAKA N° 420



Mitsivalana

1. Ao amin'ny herinandro – Tsy sahy intsony **2.** Fanaon'ny tribonaly (miv) **3.** Olona diso – Fanao amin'ny laoka (BR) **4.** Banky malaza – Eo amin'ny fandriana **5.** Hita amin'ny fery – Manaintaina (miv) **6.** Alaharo tsara **7.** Matanjaka – Anaty rano – Lio **8.** Zotranay **9.** Dadany – Faran-teny **10.** Milaza fananana – Mozika

Mitsangana

A. Manindry mafy **B.** Mpanondro – Anelanelan'ny tany **D.** Didy tsy maintsy arahina – Foto-tenin'ny famiazana **E.** Orinasa fiarovana – Raisiny **F.** Tsy avelanay hijery **G.** Manadio (miv) **H.** Solontena **I.** Eritreritrao **J.** Tsy amiko, tsy aminy **K.** Potika sy simba (BR) – Marika

Valiny Teny mifanaraka 0419

Mitsivalana
1.Sitrana - ZN **2.** En/y - Asanao **3.** Hainy - Dr **4.** Naotrika **5.** Ro - To (miv) **6.** Efatra - Sar/y **7.** Henoinao **8.** Aato (miv) - Kitro (miv) **9.** Ry - Anareo **10.** Ha - Mozika (miv)

Mitsangana
A Sehoseho **B.** Ina - Fetra **D.** Inoanay **E.** Rana - Toa **F.** Asio - Ri - Ak **G.** Na - Tranony **H.** Andro - Zara (miv) **I.** (V)ary - Sotro **J.** Zo - Koa - Mey (miv) **K.** Satroko

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, Rakotobe Michel

Ny fanofanana tselatra momba ny politika, ny fahaiza-mitarika ary ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny, nomena ireo Tanora TIM Analamanga, ny sabotsy teo teny Bel'Air Ampandrana.

Ny mpitarika ny antoko Arema teny Tanjombato ny sabotsy teo.